




INCA MALAZA

N°006 –10 décembre 2014 - e-mail : mada@atd-quartmonde.org

MATOAN-DAHATSORATRA

Nanao tombanezaka ny Fikambanana. Tsapan' ireo mpirotsaka antsitra-po tamin'izany fa betsaka ny fanontaniana manitikitika ireo fianakaviana sahirana mikasika ny fiaraha-monina ka itadiavany valiny. Mba hahafahana mamaly izany hetaheta izany dia teraka ny hevitra hanao "Université Populaire Quart Monde". Heverina hatao ny Asabotsy 28 Febroary 2015 ny voalohany. Mbola hiaraha-mikaroka ny anarana homena azy amin' ny teny malagasy. Sehatra iray ihaonan'ireo tompon'andraikitra eto amin'ny firenena amin'ireo fianakaviana sahirana izy io, mba hifampizara fahalalana sy hifanakalo hevitra mikasika lohahevitra iray. Manana faharanitan-tsaina sy fahalalana ary traikera eo amin'ny fainana ireo fianakaviana ireo. Loharanom- pahalalana, noho

izany, io sahan'asa io, satria samy manovo avy aminy ny roa tonta. Izany fahalalana voarain' ny rehetra izany dia miteraka firotsahana sy fiovana ao anaty ary mametraka ny olona eo amin'ny lalan' ny fanafahana manoloana ny fahantrana lalina. Rariny tokoa raha ny faharanitan-tsain'ny olona rehetra no enti- mamolavola ny politika hiadiana amin'ny fahantrana lalina.

Amélie Kamony RAJAONARISON



Nampahafantarina antsika tamin'ny gazety teo aloha ny santionan'ny zavatra vokarin'ny MMM fa inona tokoa moa ny MMM ?



Ny MMM na **Miasa Mianatra Miaraka** dia Fikambanana mpanao asa tanana, niorina arapanjakana ny taona 2010. Tetikasa teraka tao amin'ny ATD Quart Monde tamin'ny 2006, vokatry ny hetahetan'ny fianakaviana mpikambana izy io. Nanomboka ny Desambra 2011 no lasa mpikambana ao amin' ny ANCESM (Fikambanam-Pirenena momba ny Varotra ara-dRariny sy Mifanohana eto Madagasikara) ny MMM. Manofana arak'asa ireo olona tena sahirana izy. Maharitra 2 taona ny fiofanana ary olona telopolo eo ho eo no raisina ao. Izy ireo dia fehezin'ny fifanarahana arak'asa voafetra "CDD" ary mandoa latsakemboka avy amin' ny tambin-karamany, izay ahazoany fiahiana ara-tsosialy sy ara-pahasalamana (CNAPS sy AMIT). Mandeha tsikelikely eo ny fifehezany ny asany sy ny tontolon'ny asa. Ny tanjon'ny MMM moa dia ny hahitan'ny olona ofaniny asa maharitra avy eo. Rehefa izany dia mandray olona vaovao hampiofanina indray ny MMM.



Ny sehatr'asa hita ao dia ny petakofehy, ny zaitra, ny rary, ny tenona, ary ny tefy vy. Mianatra mamaky teny sy manoratra ary teny frantsay isan-kerinandro koa izy ireo. Tapitra ny volana Marsa 2015 ny fiofanan'ireo andiany faharoa amin'izao. Hisy ny **varavarana misokatra hataon'ny MMM ny 17 Febroary 2015**, ao amin'ny foibeny ao **Andranomena, Villa Kanto, Lot C 72 Ter** mba hahafahan'ireo mpiofana mampiranty ny zava-bitany amin'ny fianakaviany sy amin'ny mpikambana ao amin'ny ATD Quart Monde ary amin'ny olona rehetra. Manasa antsika àry ny MMM hijery ireo mpanao asa tanana ireo sy ny zavatra vokariny ao !

Fanehoan'ny ankizy ny talentany



Nisy fifaninanana vako-drazana nokarakarain' ny

Habitat sy ny UNICEF ary ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra ny 07 sy 14 Septambra 2014. Ny ady amin'ny heriseta no lohahevitra niaingan'izy ireo tamin'izany. Fikambanana sy ONG maro samihafa no nandray anjara, ka anisan'izany ny ATD Quart Monde, tamin'ny alalan'i Meltine sy ireo ankizy Tapori vitsivitsy. Nandritra ny fotoam-pialantsasatra lehibe volana Jolay sy Aogositra no nanomanan'izy ireo izany. Ho an' i Meltine sy ireo ankizy ireo dia sady fialam-boly io no fampitana hafatra mikasika ny heriseta mianjady amin'ny ankizy sy ny tokony hanajana ny Zony. Nahazo "coupe" sy "radio" ary "trousse" misy fitaovam-panoratana ry zareo tamin'izany

Tsy mitoka-monina ny mpiandraikitra ny tranomboky .

Misy ONG maromaro mpanao asa sosialy manana tranomboky. Samy resy lahatra izy ireo fa tena milofo amin'ny fianarana tokoa ny ankizy, satria na dia mahantara aza izy ireo dia mampitombo fahalalana any amin'ny tranomboky. Nifanaiky ireo ONG ireo fa mba hampandrosoana ny fitantanana ny tranomboky dia hasiana fihaonan'ny mpiandraikitra isaky ny telo volana, hifampizary traikera. Indroa ry zareo no efa nihaona ka fifankahalalana aloha no natao ny 04 Mey. Ny faharoa kosa dia teny amin'ny Livre d'Avenir Ampefiloha Ambodirano ny 10 Jolay nifampizara ny fomba fandraisana ankizy sy ny fandravahana ny tranomboky. Ny ASMAE no mikarakara ny fihaonana. Mifandimby mampiantrano ry zareo ka ny CDA Antohatapenaka indray no nandray ny fihaonana tamin'ny 05 Desambra 2014. Fanentanana mikasika ny ankizy no nodininhina tamin'izany.



Vaovaon'ny mpirotsaka an-tsitrano



MALAKIA Jean sy ny ankohonany: Tonga soa any Méry-sur-Oise izy efa-mianaka volana vitsivitsy izao. Efa mandray asa i Jean ary manomboka ny taona voalohany amin'ny famantarana misimisy kokoa ny firotsahana an-

RAJAONARISON Keny: Manomboka ny volana Janoary 2015 ary mandritra ny roa taona dia hiato kely amin'ny maha-mpirotsaka an-tsitra-po azy ao amin'ny ATD Quart monde i Keny. Hitady traikera sy hitrandraka fahalala amina sehatra hafa indray izy. Ny 22 Nôvambra 2014 teny Ambohibao no nifamotoana ny tanora teo amin'ny 40 teo ho eo nanao veloma azy. Ranomaso no nisarahana ary nifampirary soa sy nifampitso-drano izy ireo. Sarim-pianakaviana no namaranana ny fotoana. Mitohy kosa ny tantara ho an' i Lamine amin'ny fiandraiketana ny tanora ampiantso Georgette, izay mamantatra misimisy kokoa ny Fikambanana. Ny Asabotsy 20 Desambra 2014 indray ry zareo no nifamotoana hivory. I Keny rahateo nanome toky fa mbola vonona ny hifanome tanana raha misy ilana azy.

tsitrano Séraphine. Narary ny renin'i Séraphine ary maty tamin'ny 11 Oktôbra 2014. Voatery nody taty an-tanindrazana izy namonjy ny fandevenana an-dreniny. Efa tafaverina soa aman-tsara any Frantsa izy amin'izao fotoana izao.

RAZANAKOTO Sophie: Niverina ny 21 Nôvambra 2014 ary nanomboka iraka vaovao any Baillet Frantsa i Sophie. Raha tsiahivina moa

dia niato kely iray taona aloha izy taorian'ny niandraiketany ny asan'ny Solontena Nasiônalin' ny ATD Quart Monde Madagasikara.

Philippe GARROUSTE : Mpirotsaka an-tsitraro, teratany frantsay.



Tonga tamin'ny 09 Septambra 2014 tato amin'ny Fikambanana ATD Quart Monde Madagasikara. Niaraka tamina Fikambanana hafa tany Mali izy teo aloha. Enim-bolana no hiarahany amintsika eto, izany hoe hatramin'ny volana Marsa 2015. Ao amin'ny MMM izy no miasa, manampy an-dRamatoa Vololontsoa ao amin'ny fandraharahana an-kapobeny sy i Denis GENDRE amin'ny fitantanana ny lafiny ara-teknika.

TSIMIHEVY Gaudefroi: nipetraka tany La Bise Frantsa, toeram-pialan-tsasatra, natokana handraisana fianakaviana mahantra. Nanampy isa ireo mpandray vahiny sy mpanentana tany nan-dritra ny volana Aogositra sy Septambra 2014 i Gaudefroi. Manan-jo hiala sasatra koa manko ny fianakaviana sahirana: miala amin'ny toeram-pomenany sy ny asa fanaony andavanandro, maka rivotra, mitsidika toe-

rana manan-tantara, manao kilalao samihafa, mikarakara ny fambolena sy fiompiana. Tsy nisy ny fanavakahana, hoy i Gaudefroi, fa nifanakalo hevitra sy niara-nanao raharaha. Hita taratra teny amin'ny endriky ny rehetra ny hafaliana safononoka. Tena nisy fiaraha-miaina tokoa. Hadino ny mahalon-dehibe, hoy izy, rehefa niara-nilalao, niara-paly tamin'ny ankizy

Ny karatra maha-mpikambana

Amin'ny maha-ONG ny ATD Quart Monde dia tokony hanana karatra ny mpikambana feno 18 taona no ho miakatra. Mifandraika rahateo amin'ny hetahetan'ny maro izany. Efa mivoaka ankehitriny io karatra io, koa entanina àry, ny mpikambana mba

samy handoa ny latsakemboka isan-taona. Noraiketina ho 1 500 ariary ny an'ny mpirotsaka an-tsitraro sy ny namana mpiara-dia. Ny mihoatra an'io tsy ferana. Ny an'ny fianakaviana kosa dia samy manome izay zakany ny tsirairay.

Fanehoana ny tombanezaka AFD sy ny fanadihadiana teny Andramiarana



Taona vitsivitsy izao dia nahazo famatsiam-bola nanatanterahana tetikasa isika, toy ny Tontolo Maitso Toliara "EVT" sy FierT ary MMM. Mbola io famatsiam-bola io ihany no nahafahana nanandrana ny antsoina hoe "Cash Transfert" teny Andramiarana. Izao volana Desambra, fiafarany ny famatsiam-bola iarahana amin'ny AFD izao, dia manao tombanezaka ny asa natao nandritra ny dimy taona farany isika. Mba hahafahana mandrefy ny zava-bitia dia misy fanadihadiana atao amin'ireo fianakaviana 150 nahazo ny "cash transfer" ireo. Ny vokatra azo avy amin'io fanadihadiana io dia hoentina handrafetana ny Fandaharan'asan'ny ATD Quart Monde Madagasikara izay tsy maintsy vitaina alohan'ny volana Jiona 2015.

Filazalazana momba ny taon-jôbily sy ny asa hataon'ny Fikambanana

Feno 25 taona izao ny niorenan 'ny Fikambanana ATD Quart Monde teto Madagasikara. Nosokafana ny 17 Oktôbra 2014 ny fankalazana izany amin'ny fomba ofisialy, izay haharitra iray taona. Hetsika maro no hatao. Ny tanjona dia ny hampahafantatra bebe kokoa ny Toetsain'ny Fikambanana sy ny fomba fiasany ary ny hevitry ny tsangambato sy ny 17 Oktobra. Latsa-paka ao amin'ny mpikambana ny foto-kevitra nolovaintsika tamin'i Joseph WRESINSKI

mpanorina ny Fikambanana. Hita taratra eo amin'ny firotsahan'ny tsirairay amin'ny ady amin'ny fahantrana lalina izany. Heverina hatao ny 17 oktobra 2015 ny fitokanana ny tsangambato ho fanomezam-boninahitra ireo rehetra maty noho ny fahantrana lalina sy hanehoana ny fiombonana sy firotsahana hampanajana ny Zon'olombelona, voahosihosy noho io fahantrana lalina io.

Fankalazana ny 17 Oktôbra teto Antananarivo

Ny 17 sy 18 ôktôbra 2014 no nanatanterahana io. Ny lohahevitra dia hoe : "Tsy misy olona atao an-kilabao : miara-mandinika, miara-manapaka, miara-miasa mba hiadiana amin'ny fahantrana". Nifantoka tamin'ny fahatsiarovana, famelabelarana arahina

adihevitra, ary varavarana misokatra niarahana tamin'ireo Fikambanana sy mpiara-miombon'antoka amin'ny ady amin'ny fahantrana ny fankalazana. Sady fanokafana ny faha-25 taonan'ny Fikambanana io no sambany koa nahazo ny

Lapan'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra ny Fikambanana. Nafonja tokoa ny fijoroana vavolombelona nataon'ny fianakaviana fa hoy izy ireo: "Tokony hifanitsy toe-tsaina aloha" satria "mifameno ny olombelona fa tsy mahavita tena". "Tsy miraviravy tanana koa izahay raha misy vinavinan'asa fa vonona mandrakariva". Tokony handray andraikitra koa anefa ny Fanjakana mba hanohana ireo Fikambanana na ONG ka hijery ireo olona tena sahirana ara-pianarana. "Amin'izay izahay tsy azon'olona, fitahina amin'ny taratasy intsony, satria efa mahay mamaky teny sy manoratra". Tao anatin'ny adihevitra koa no nahitana fa tena mangetaheta fanohanana sy fanampiana avy amin'ny Fanjakana tokoa ny tanora, indrindra eo amin'ny lafiny arak'asa sy fiofanana.



Akon'ny 17 Oktôbra Mahajanga :

Nifantoka tamin'ny fanomezana fahafaham-po ny ankizy ny fankalazana ny 17 Oktôbra. Nentina nitsangantsangana tany amin'ny "Petite plage" izy ireo ka ny lohahevitra nodinihina dia mifandraika

amin'ny maha-ankizy azy : **"ankizy miara-mialalao miara-mianatra miara-miasa"**. 50 no isan'izy ireo ary 8 ny mpanentana. Tapakandro izy ireo no tany

Akon'ny 17 Oktôbra Toliara :



Tamin-kafaliana no nankalazan'ny mpikambana ao Toliara ny 17 Oktotobra 2014 niaraka tamin'ireo solontenam-panjakana sy ny mponina, tao amin'ny Kianja "Jardin de la mer". Nandritra ny fijoroana

vavolombelona dia nohamafisin'i Kololahy Armand antsoina hoe Salimo fa io andro io dia voatokana ho an'ny mahantre mba handraisany fitenenana. Efa hatry ny ela koa, hoy izy, no tsy nisy nanome vata hasiana ny mahantre intsony rehefa maty izy ireny. Ny vatam-paty anefa dia tena zava-dehibe tokoa ho an'ny mponina ao Toliara, satria heveriny ho solon'ny trano onenan'ny maty io. Hany ka rehefa misy maty, hoy izy, ka tsy maha-antoka vata ny fianakaviany, dia ny samy mahantre no maneho firaisan-kina ka miezaka manao tsipaipaika hividiana "sachet" hasiana ny razana. Manao antso avo, noho izany izy, mba tsy hatao an-jorom-bala ny mahantre.

Akon'ny fankalazana ny 17 Oktôbra tany la Réunion

Nankalaza ny faha-25 taonan'ny takela-baton'ny faha-17 Oktôbra ny Nosy La Réunion ka nanasa ny Nosy rahavavy. Masera Henriette sy Andriamatoa Jules, mpikambana any Mahajanga no nisolo tena ny Malagasy. Nanatrika io fankalazana io koa Nathalie GENDRE, solontenan'ny Faritra ao amin'ny Ranomasim-be Oseanina Indiana. Hoy Andriamatoa Jules namintina ny diany: "Nisy firaisan-kina sy fifandraisana teo amin'ny rehetra na dia samy avy amin'ny firenen-tsamy hafa aza izahay. Nanao antso avo tamin'ny Fanjakana ny mpikambana tany La Réunion satria tsy misy jiro sy rano ny tranon'ny olona tena mahantre ka voatery mangataka rano amin'ny mpifanolo-bodirindrina aminy izy ireo. Ny biby sy ny zavamaniry aza, hoy izy ireo, misy mpiaro, mainka moa fa ny olombelona! Ny antsika Malagasy kosa dia ny mikasika ny zaza tsy manana kôpia no nampitainay"

